**ALASORA** 4

# RONGONY 4 GONY SARONA, OLONA 9 VOASAMBOTRA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7466 | Taona faha-24 | Vidiny: 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Talata 10 janoary 2023


**FIATREHANA FIFIDIANANA** 7

# MANDEHA NY FAMPITOVIANA TADIN-DOKANGA EO AMIN'NY SAMY MPANOHITRA




**MARINA IZANY !** 7

## MANANONTANONA... !

**FIVERENAN'I LALIE** 2

## LASA NY "TSOTR'IZAO" MIALA ANY NY "EO ANILANAO"



**TOETRY NY ANDRO** 8

## AHIANA NY FIFORONAN' NY RIVODOZA AMIN'NY FARAN'NY HERINANDRO

**HANDBALL - IHF TROPHY CONTINENTAL** 3

## HANAINGA AMIN'NY ASABOTSY NY AKIO

**"ROCADE IARIVO"** 4


## MPANENDAKA MITONDRA SABATRA MANAFIKA FIARA

**MPIRAKIDRAHARAHA** 8

## MANAMAFY NY FITAKIANA







Hay fy sy sakafo - Tompon-daka eran-tany

# Vonona ny handrombaka ny amboara ny ekipa Malagasy

Lyon France no hampihatrano ny tompon-daka erantany mikasika ny hay fy sy ny pitsopitsony mifanaraka amin'izany amin'ity taona ity. Ny 17 ka hatramin'ny 19 janoary izao, no hanatanterahana izany ka Firenena 12 no voafidy hifaninana. Hatramin'ny nanambarana ny maha-ara-dalàna azy dia niofana fatratra ny ekipa malagasy, tarihin'ny chef Lalaina, mba hambaboana ny lelan'ireo mpitsara iraisam-pirenena amin'ny tsiron'ny sakafo karakarainy. Nilaza ny Chef Fenosoa Rahajamalala, izay mpitarika ny ekipa Malagasy fa na sambany aza izy no hiatrika izany fifaninanana goavana izany dia vonona ny handrombaka ny laharana voalohany izy sy Bodosahondra Rakotovao ny mpanampy azy. Mitantsoroka sy manoro hevitra azy mandritra ity fifanianana ity i Chef Lalaina. Tsy maintsy ireo vokatra mampiavaka sy mampalaza an'i Madagasikara no hasongadina fa ny hanahirana kely azy ireo dia ny fitantanana ny hafanan' ny sakafo saingy efa voafehiny izany raha ny fanazaran-tena nandritra izay volana maromaro izay.



Hiainga tsy ho ela ho any Frantsa ny ekipa Malagasy.

Araka ny programa, hanomboka ny 17 janoary izao ny fisafidianana ny endriky ny sakafo eny ambony latabatra ary amin'io ihany koa ny hanomanana ny fikarakarana rehetra. Ny 18 janoary dia efa manomboka miketrika ary ny andro fahatelo farany ny 19 Janoary no haseho ampahibemaso ho tsaraina ny sanganasa. Havelatra ambony latabatra lehibe iray manomboka amin'ny fanokafam-bavony ka hatramin'ny tsindrintsakafo. Raha tsy misy ny sampona dia hihazo an'i Frantsa amin'ity herinandro ity izy ireo.

**Tiaray Rakoto**

Fiverenan'i Lalie

# Lasa ny "Tsotr'izao", dia miala any ny "Eo anilanao"

Rehefa tafaverina avy lavitra. Niriaria niaraka tamin'ny mponina teto an-drenivohitra fa tsy niara-dia sy nampifaly ny mpankafy azy nandritra ny taona maromaro i Lalie. Dia tafaverina eo anivon'ny kanto sy mozika izy ankehitriny. Taorian'ny fampisehoana santatra teny amin'ny Le Gallet ny alin'ny zoma 23 desambra 2022. Marobe tokoa ireo tsy tafiditra tamin' izany ka nanomezan'ireo mpikarakara toky fa hisy sehatra goavana kokoa hiarahana aminy eto andrenivohitra ato ho ato. Dia mbola tsy hita aloha ny programa tena matotra amin'iny, fa ilay seho "*Eo anilanao*", hotanterahany eny amin'ny efitrano malalaky ny Le Marseillais Ambatobe no nandimby an'ny "Tsotr'izao". Seho natao ho an'olona voatokana izy io fa tsy natao ho an'ny rehetra ka voafetra ny toerana. Araka ny programa, ny folakandron'ny sabotsy 28 janoary 2023 manomboka amin'ny 3 ora no fotoana hiarahana amin'i Lalie anatin'ny "*Eo anilanao*".

Efa tafaray aminy avokoa ankehitriny ireo mpitendriny hatramin'izay. Ekipa efa matihanina sy manana traikefa eo amin'ny tontolon'ny zava-kanto avokoa izy ireo. Nanome toky izy fa "*Ity indray ny fihaonantsika manaraka ! hahafinaritra sy ho kanto ny fiarahana ka manantena ny fahatongavanareo*". Hamafisin'ny tononkirany hoe : "*Fa ianao no amiko, izaho no aminao, isika no miaraka, mozika tsotr'izao, fa tonony sy feo tsy mahay misaraka...*". Ao anatin'ny pejiny izy dia milaza hatrany fa : "*Faly ny fo, mahatsiaro sambatra aho manana anareo mpankafy, manohana hatrany ! Tsapako be ny fitiavanareo. Manolotra fisaorana ho anareo !*", hoy izy.

Eo am-piandrasana ny seho goavana hahafahan'ny mpankafy rehetra mihaona sy mihanoka indray ny vazony. Io "Eo anilanao" io izany aloha hanohanana azy.

**Fy**



Tarika M'iray kalo

# Miketrika rakitsary : "kalon'ny fahiny rodobe ranoray"

Manomana zava-baovao tsy fahita firy ho an'ny rehetra ny tarika M'iray Kalo amin'ity taona ity. Raha araka ny resaka nifanaovana tamin'izy ireo dia rakitsary iray mirakitra ireo kalon'ny fahiny no ho ezahan'izy ireo ho avoaka. "Kalon'ny fahiny rodobe ranoray", io no lohateny nosafidian'izy ireo hitondràna io vokatra vaovao io. Entin'izy ireo hamelomana ny sanganasan'ireo sangany teo amin'ny kalon'ny fahiny toa an-dry Rajoro, Rafidimanantsoa, Rasamy Gasy, Andrianary Ratianarivo sns... moa izany. Mifangaro ny hira izay notsongain'izy ireo ,ao ny hirampitiavana, ao ny hira fananarana amin'ny resaka fisotroana toaka ary ireo hira hita fa mbola mambabo ny sofin'ny olona hatramin' izao toy ny "arahaban' andriana" ny tarika solika sy ilay hira "mifankatiava ihany". Tsy dia nasian'izy ireo fiovàna moa ireo hira ireo fa noezahana notazomina amin'ilay hira izay nanaovan'ny tompon'ny azy mihitsy. Misy ihany ireo niova kely fa tsy novaina be akory. Ankoatra ity rakitsary ity dia efa mikarakara fampisehoana ihany koa izy ireo izay vinavinaina hatao amin'ny volana febroary io izany. Raha tsiahivina moa, dia vao tamin'ny volana novambra tamin'ny herintaona izy ireo no niforona. Efa nanao fampisehoana maromaro ihany nefa izy ireo ary anisany nandray anjara tao amin'ilay fandaharana Be m'iray tao amin' ny RNM koa. Marihana fa tanora tia mozika no mandrafitra ny tarika. Manana talenta manokana amin'ny fihirana kalon'ny fahiny izy ireo ka izay no antony nisafidianan'izy ireo izany gadona izany. Afaka misokatra amin'ny gadona hafa koa anefa izy ireo ary afaka alaina ihany koa hanentana amin'ireny karazana lanonana ireny.



**Tanya.R**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 876 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

## Lasopy "pistou"

**Zavatra ilaina :** paty ½ kg, haricots verts 300g, korzety 2, karoty 3, voatabia 2, tongolo be 1, ovy 2, tongolo gasy 6, bazilika, menaka, sira sy dipoavatra, fromazy nokikisana 150

Teteho ny legioma: karoty, haricots verts, korzety, ovy. Arotsahy anaty vilany misy rano sy sira kely ireo miaraka amin'ny voatabia anankiroa ka ampangotrahy 45mn. Asio bazilika iray na celery. Arotsahy avy eo ny ovy ka andrahoy 15 mn indray ary ireo paty. Andrahoy 10 mn miaraka izy rehetra ireo. Tsohay ny hoditra voatabia ka asio sira sy dipoavatra.

Afangaroy izy rehetra ireo ka raraho fromazy ety ambony amin'ny farany. Arosoy mafana.



Handball - IHF Trophy Continental

# Hanainga amin'ny sabotsy ny AKIO

*Amin'ny alakamisy no ho fantatra ny anaran'ireo 14 mirahalahy farany, handeha any Congo Brazzaville.*

Hanomboka amin'ny 16 janoary izao any Congo Brazzaville, ny fiadiana ny IHF Trophy Continental, ho an'ny latsaky ny 20 taona, eo amin'ny taranja Handball. Isan'ny handray anjara amin'izany ny AKIO de Madagasikara, izay amin'ny asabotsy 14 janoary ho avy izao no hanainga eto an-tanindrazana izy ireo. Efa fantatra, miisa 17 no handrafitra ny delegasiona, ka ny 14 amin'ireo no mpilalao, 2 ny mpanazatra ary iray no mpitarika. Hatreto, 17 mirahalahy no mpilalao manaraka fampivondronana, ka amin'ny alakamisy no ho fantatra ny anaran'ireo 14 mirahalahy farany, handeha any Congo Brazzaville. Anatin'ny hitsin-dalana farany amin'ny fanazarantena moa ny ekipam-pirenena amin'izao herinandro izao, izay mety mbola hanao lalaom-piralahiana, saingy anatiny mandamina izany ireo teknisiana. Raha hiverenana, isika no solontenan'ny faritra faha-7, taorian'ny nandavoan'ny AKIO ny ekipam-pirenena Maorisiana, teo amin'ny lalao famaranana, izay notanterahana teto Madagasikara, tamin'ny novambra 2022. Firenena sangany maro ihany koa no hiatrika izany, an'isany Nizeria, izay tafavoaka tao amin'ny faritra faha-3, Rwanda, solontenan' ny faritra faha-5, Guinée, tompondakan'ny faritra faha-2, ry zareo Congo, izay tafavoaka tao amin'ny faritra faha-4 ary Zimbabwe kosa no solontenan'ny faritra faha-6.

**Rabenaivo**



**Anatin'ny fanomanantena farany ireto AKIO ireto amin'izao.**

Taekwondo WT

# Afa-po tamin'ny fampiofanana i Nicolas Ragonz



**Samy afa-po na ny mpiofana na ny mpampiofana tamin'ity andiany voalohany ity.**

Tontosa ny faran'ny herinandro teo tany Basse Goulaine Frantsa, ilay fampiofanana ara-teknika, nokarakarain'ny ligue Pays de Loire, taranja Taekwondo. Ilay Malagasy, Randriamiandrisoa Nicolas no nampiofana tamin'izany, izay nanambara fa "tsara fanomboana ny taona ho azy ireo, satria betsaka sady faly no afa-po ireo mpiofana avy amin'ny klioba (Taekwondo BASSE Goulaine, Taekwondo Grand Lieu, Tkd Lee Moon Ho, - Tkd ATV Vallet, Tkd Océan sy ny Tkd Yoo Hye Bin Dojang), tonga nanaraka izany », nohamafisiny fa *"efa-bolana no tsy nisy ny fampiofanana toy izao, izay tena ela ka nahafaly ireo rehetra tonga »*. Tsy ny mpiofana ihany fa ny mpampiofana koa dia tena faly nahavita iny andiany voalohany tamin'ity taona ity iny, izay taorian'ny faharatrana nahazo azy, izay ihany koa ny tenany vao afaka niverina. Amin'ny 4 febroary indray ny fampiofanana manaraka, saingy mety hahemotra izany daty izany, araka ny nambaran-dRandriamiandrisoa Nicolas, satria dia nahazo fanasana hitsara ny "Open Poomsae" any Torkia ny tenany, izay hatao amin'ny 1 ka hatramin'ny 4 febroary. Ankoatra izay, mbola tsy tena voafaritra ny fandaharam-potoana hatrehan'ity Malagasy ity, mandritra ny taom-pilalaovana 2023, satria taorian' ny faharatrana nahazo azy tamin'ny taon-dasa iny, hiezaka hanohy ny fitsaboana sy hiarina tsikelikely ny tenany, isorohana ny mety ho fitomboan'ny fahavoazana eo indray.

**Rabenaivo**

Kitra -Iraisam-pirenena

# Resin'ny AC SAB NAM ny MF Rovers FC

Tamin'ny isa mazava 4 no ho 1 no nandresen'ny Athletic Sportive Sabotsy Namehana ny rahavaviny Mont-Fleuri Rovers FC – Seychelles, tamin'ny faran' ny herinandro teo, teny amin'ny kianjan'ny Elgeco Plus By-Pass. Teo amin'ny fizaram-potoana voalohany dia nitarika tamin'ny isa 2 no ho 0 ny mpilalaon'i Johary Nirina Rakotomalala "Malama" sy Herihaja Rasata Rakotovao "Dam", baolina nampidirin'i Lydia "Lili" (5 mn) sy Iriako (12 mn). Tsy tafakatra firy tany amin'ny kianjan'ny AC SAB NAM ny mpilalaon'i Amien Jean, satria mafy ny tsindry ambony nataon-dry Prisca sy ry Aina ary Bao, izay mbola matanjaka miaraka amin'ireo zandriny latsaky ny 17 taona, niatrika ny mpifanandrina taminy voalohany fa ny 45 mn farany vao nampiakarin'ny mpanazatrany ireo tompon-toerana. Nivoaka sempotra ry Rania Chetty sy ry Alisha Matatiken, nanoloana andry Judith sy ry Jenny, izay efa milalao atsy Mayotte kanefa nanantevin-daharana ny namany fahiny. Rehefa nampidirina i Kanto (ex-Ajesaia), teo amin'ny fizaram-potoana faharoa, dia nahatafiditra baolina anankiroa (62 mn – 83 mn), ary nahavaky atody ihany koa i Pascallina Moustache (60 mn / kap). Mbola hisy ny fihaonana faharoa ataon'ny ekipa roa tonta amin'ny alakamisy 12 janoary 2023 ka heverina fa efa nahazo volon-tany ny M.F Rovers FC. Nahazo dona tsara kosa ny AC SAB NAM, mialoha ny hiatrehany ny "Play Off" amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenena divizionina voalohany vehivavy, miaraka amin'ny MIFA Analamanga sy ny Disciples FC Vakinankaratra ary ny ASCUF Matsiatra Ambony.

**Tsara ho fantatra**

***AC SAB NAM*** : 16.Malala - 6.Bao - 3.Prisca (kap) - 20.Anita - 2.Aina - 8.Holy - 17.Lydia "Lili" - 19.Judith - 10.Jenny - 15.Iriako - 18.Tahiry - 5.Genevieve - 13.Sandra - 14.Abdilaya - 12.Kanto - 4.Hanitra - 7.Soraya "Dadou" - 9.Nivo "Vitsika".



**Miomana mafy amin'ny fiatrehana ny "Play Off" ny AC SAB NAM ! (Sary a.r)**

***M.F.Rovers FC*** : 1.Elvina Mariso - 4.Alisha Matatiken - 17.Jumma Philoe - 14. Rania Chetty - 3.Jahnella Moustache - 12.Guyra Boniface - 10. Vesna Cesar - 8.Itara Lagrenade - 15. Melissa Bouzin - 7.Pascal-lina Moustahce (kap) - 5.Nerlice Fred - 6.Mahasiah Labrosse - 13. Emily Etienne

**aris rafaly**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 433/20-6)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-6)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia…Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-3)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia… Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-3)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-3)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, debara, fanaka, frigo, télé. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 441/6-1)

### FORMATION

* Format° pâtisserie, 1 mois : 50.000Ar. Pâte de base, décorat°, biscuit. 67Ha. Tél : 034.17.246.97. (G-BA 436/5-5)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-5)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-5)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « Coupe homme ». Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-5)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse sept, puisard, réparat°, réhabilitat°. Tél : 034.16.145.06 / 034.47.024.33. (G-BA 416/10-9)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 424/20-19)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 431/6-6)

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 431/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 431/6-6)

Alasora

# Rongony 4 gony sarona, olona 9 voasambotra

Rongony efatra gony no saron'ny zandary Alasora ary olona sivy kosa no voasambotra ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany alina. Tamin'io fotoana io, nahazo loharanom-baovao ny zandary nanao fisafoana tamin'ny alina mikasika ny fisian'ny fiara iray nijanona teny amin'ny sisin-dalana mampiahiahy teny amin'ny fokontany Miadana eny amin'ny kaominina Alasora. Nandeha avy hatrany teny an-toerana ireo mpitandro filaminana ka rehefa natao ny fisavana tao anatin'ilay fiara dia sarona tao ireo rongony ireo. Olona iray no voasambotra teny tamin'io. Nitohy ny fikarohana ireo olon-dratsy ary nisy ihany koa ny fiaraha-miasa teo amin'ny zandary sy ny andrimasom-pokonolona ka nisy ny voasambotra teny Amboaroy. Nitohy hatrany ny fikarohana ka olona iray nividy ireo rongony no tratra. Tafakatra dimy ireo voasambotra tany amin'ny toerana samy hafa tany amin'ny kaominina Alasora ihany. Nanoloana ny fisamborana ireto olona ireto dia voalazan'ny zandary hatrany fa nisy olona telo hafa nikasa hanao kolikoly mba handaminana ny raharaha ka nanolotra vola efatra tapitrisa ariary. Nosamborina avy hatrany ihany koa ireo ary notanana teny amin'ny zandary. Tafakatra sivy ny olona voasambotra mikasika ity raharaha ity. Efa nogiazana ireo fiara sy môtô ary rongony milanja 47kg tratra ireo.

T.H

Ambohimangakely

# Lehilahy tra-tehaka nandroba "épicerie"

Lehilahy iray 33 taona avy nandroba fivarotana entamadinika no voasambotry ny zandary teny Ambohimangakely ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora sy sasany alina. Nandritra ny fisafoana nataon'ny zandary no nahatsikaritra roa lahy nitondra entana maromaro izy ireo. Vao nahatazana ireo mpitandro filaminana ry zalahy dia lasa nirifatra nitsoaka ny iray. Fa ilay namany no tra-tehaka teo niaraka tamin'ny vary tapa-gony, batterie 12 volt iray, tantin-jazakely iray paquet, ampli iray, vilany roa. Nentina tany amin'ny biraon'ny zandary avy hatrany ity voasambotra ity ka nandritra ny famotorana natao azy no nilazany fa avy namaky "épicerie" teny Ikianja Ambohimangakely ry zalahy ireo. Tsy nisy olona tao amin'ilay tsena ka nopitsohiny tamin'ny barre à pince nahafahany niditra tao anatiny tao ary dia naka izay tiany nalaina tao izy ireo na entam-barotra na entana fampiasa ao an-tokantrano. Fantatra fa mipetraka eny amin'ny Cité akamasoa ity lehilahy tratra ity ary mipetraka eny Namontana kosa ilay namany iray hafa tafatsoaka. Fa resaka asa ratsy izay ihany dia fivarotana telo ihany koa no nisy nandroba teny Ambatomandeha ao anatin'ny kaominina Ambohimangakely ny alin'ny alarobia lasa teo. Kendren'ireo olon-dratsy araka izany ireo mpivarotra amin'izao aorian'ny fety izao. Mitohy ny famotorana sy fikarohana ireo olon-dratsy.

T.H

Tafika malagasy

# Miaramila 24 niditra amin'ny tokantrano ara-dalàna

Miaramila manana tokantrano ara-dalàna no tanjona. Izany no natao teny vondron'ny mpilatsaka an'elon'aina voalohany Ivato, izay tarihin'ny Kolonely MOUSSA. Nisy ny fanentanana natao ka miaramila 24 nisoratam-panambadiana faobe. Izany hoe hiditra anatin'ny ankohonana ara-dalàna fa tsy ho tokantrano maso. *"Tsy maintsy atao izao satria ilaina ny amin'ny lafiny asa. Rehefa mandeha manao iraka izy ireo dia mila fanomanan-tena ara-batana na aran-tsaina. Io no antony namporisihina azy ireo hanam-bady ara-dalàna. Very mantsy ny zon'ny vady aman-janany ary lasa manao tokantrano maso ka izay no anton'izao fisoratam-panambadiana faobe izao"* hoy ny lehiben'ny "1ere bataillon parachutiste" ny Kolonely MOUSSA.



Ny ben'ny tanàna nanatontosa ny fisoratam-panambadiana.

Fiaha-miasa matotra tamin'ny kaominina Ivato no nahafahana nanatontosa izao hetsika izao. Misy ihany ny fepetra tsy narahan'ireto mpivady, ka ny miaramila dia tsy maintsy efa niasa mihoatra ny 5 taona naha miaramila azy. Ankoatra izay dia eo koa ny fahavononana.

**"Carte numérique"**

*"Ny kaominina Ivato dia efa niara-niasa tamin'ny toby « vondron'ny mpilatsaka an'elon'aina voalohany" hatramin'izay. Tonga tany aminay izy ireo nanao fangatahana ny amin'ny fanambadian' ireo miaramila. Izany dia natao hitsinjovana ny asa sosialy satria betsaka ny miaramila manao tokatrano maso eto Ivato. Rehefa nangataka ny lehiben'ny toby dia niditra amin'izao hetsika izao izahay"* : hoy ny ben'ny tanàna lefitra eny amin'ny kaominina Ivato Andriamatoa Rivo Rabearivelo. Nanararaotra ihany ingahy ben'ny tanàna lefitra nanasogandina ny resaka fitanteram-bahoaka eny Ivato. Rehefa nanontanian'ny mpanao gazety izy dia nilaza fa ny kaominina dia tsy mitsahatra mitady vahaolana hatrany hamahana io olana io. Nisy hoy izy ny fifanarahana tamin'ny koperativa mba hijerena fandaminana. Anisany napetraka tamin'izany ny fiara-miasa amin'ny mpandraharaha ka natao ny "carte numérique". "Izany dia mba hahafahana manara-maso ny fiara sy ny mpandeha ary izahay ety Ivato no anisany nampiasa « carte numérique » izany voalohany teto Madagasikara" : hoy ihany ny ben'ny tanàna lefitra an'ny kaominina Ivato.

Ariel D

Rocade Iarivo

# Mpanendaka mitondra sabatra manafika fiara



Mila mailo rehefa mandalo amin'iny fa mangingina rehefa alina.

Tovolahy 6 teo ho eo no nandroba olona teny amin'ny lalam-baovao « Rocade Iarivo » Ambohimahitsy iny, ny faran'ny herinandro teo. Very tamin'izany ny finday avo lenta « iPhone xs » sy tablette, « portefeuille » sy karapanondro, poketra, ary nisy karatra banky ihany koa …sns. Nitaraina sy nanao fanentanana mihitsy ny lasibatra satria tsy nanampo ny zava-nisy mba hitandreman'ny rehetra izay mandalo amin'iny lalam-baovao iny. Voalaza mantsy fa misy mpanendaka mitondra sabatra eo. Araka ny fijoroana vavolombelona izay nataon'izy ireo dia sendra niharan'ny fahasimbana ny fiara. Nijanona ireto olona ireto araka izany, ka naka sisiny teo akaikin'ny tetezana iny. Alina rahateo ny andro tamin'io fotoana io tokony tamin'ny 8 ora sy fahefany tany ho any.

**Tsy lavitra polisy**

Minitra vitsy monja nahatongavana teo no nisy mpanendaka nandroba. Ilay toerana anefa mba mazava ihany sady tsy lavitra polisy akory. Andian-jatovo 6 eo ho eo no nipoitra avy tao ambadikin'ilay toerana fiantsonan'ny taksibe. Nirongo antsy be ireto farany ary vonona ny hamono mihitsy. Noho izany dia voatery nanome izay zavatra notadiavin'ireo olon-dratsy ireo ry zareo satria voambana antsy teo amin'ny tenda. Manoloana io dia manao antso avo mba hijerevana akaiky izao tsy fandriampahalemana amin'iny lalam-baovao iny izao, ireto lasibatra. Manaitra ihany koa ny tomponandraikitry ny filaminana.

Ariel D.

Ankazobe

# Môtô roa nifandona, naratra ireo nitondra azy

Nisehoana lozam-pifamoivozana tany Fihaonana Ankazobe afakomaly tokony ho tamin'ny 9 ora latsaka fahefany maraina. Môtô roa no nifandona tamin'io fotoana io ka naratra avokoa ireo roa lahy 23 taona sy 24 taona nitondra azy. Tamin'ny lalana mampifandray an'Ambalamanga sy Fihaonana no nifandona ireto kodiarandroa ireto rehefa nifanena teny an-dalana. Araka ny fanavazana azo avy amin'ny mpitandro filaminana dia vokatry ny tsy fitandremana no nahatonga izany loza izany ka nandratra azy roa lahy. Ny iray nentina tany amin'ny CSBII Fihaonana fa ny iray hafa kosa naratra mafy ka nentina notsaboina amin'ny hopitaly Bejofo any Mahitsy. Fa simba be avokoa ireto môtô niharan-doza ireo. Efa tonga nanao fizahana ifotony ny zava-nitranga tany amin'ny toerana nisehoan'ny loza ny zandary avy ao amin'ny borigady Fihaonana raha vao naheno mikasika ity tranga ity.

T.H

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Hanala nify*




## Hatsikana an-tsary

*Tsoriny*




## Masoandro Miposaka

**Ohabolana 8:22-23**

Jehovah nahary* ahy ho fiandohan'ny alehany, Ho voalohany amin'ny asany hatramin'ny taloha.[Na: nahazo] Izaho notendreny hatramin'ny fahagola, Eny, hatramin'ny voalohany indrindra, dia fony tsy mbola ary ny tany.


## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy


Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tantara mitohy TARI-DALANA




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza kely fisian-kavana loatra.**

N'ayez pas trop peu d'amis.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2847

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 5 | | | | | 1 | | 8 |
| 1 | | 8 | | | | | | 3 |
| | | 3 | | | 6 | | | |
| | | | | 6 | | 7 | | 9 |
| | 2 | | | 3 | 8 | | | |
| | | | 7 | | | | 5 | |
| 3 | | | | | | | 2 | |
| 9 | | | | | | | | |
| 2 | 4 | | 5 | | | | | 6 |

Valin'ny laharana 2846

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 7 | 8 | 1 | 5 | 3 | 2 | 4 | 9 |
| 9 | 4 | 5 | 8 | 2 | 6 | 7 | 3 | 1 |
| 3 | 2 | 1 | 9 | 4 | 7 | 6 | 5 | 8 |
| 5 | 8 | 7 | 4 | 6 | 9 | 1 | 2 | 3 |
| 2 | 3 | 9 | 5 | 1 | 8 | 4 | 6 | 7 |
| 1 | 6 | 4 | 7 | 3 | 2 | 8 | 9 | 5 |
| 4 | 5 | 3 | 2 | 8 | 1 | 9 | 7 | 6 |
| 7 | 1 | 6 | 3 | 9 | 4 | 5 | 8 | 2 |
| 8 | 9 | 2 | 6 | 7 | 5 | 3 | 1 | 4 |

Fiatrehana ny fifidianana

# Mandeha ny fampitoviana tadin-dokanga eo amin'ny samy mpanohitra

Ambohi-pihaonan'ny mpanao politika mpanohitra ny fitondrana ny teny amin'ny trano fonenan'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana eny Faravohitra, omaly. Ankoatra ny fifampiarahabana tratry ny taona dia notanterahina teny ihany koa ny fidirana amin'ny taom-piasana ara-politika ho an'ny fianakaviamben'ny mpanohitra. Tsikaritra tamin' izany fa miezaka manambatra hery sy mampitovy tadin-dokanga ho fiatrehana ny fifidianana sy tsy hamerenana ny Filoha Andry Rajoelina eo amin'ny fitondrana intsony ny fanoherana. Manampy izay, samy niventy ireo mpanao politika nanatrika ny hetsika fa hifanome tànana hahatongavana amin'ny fifidianana madio sy mangarahara hiafara amin'ny fifandimbiasam-pahefana ara-pomba demokratika izy ireo. Isan' ny tazana nanatrika izany ny avy amin'ny antoko Hery Vaovao ho an'i Madagasikara notarihan'ny Sekretera Jeneraliny Desiré Rasambany, ny antoko Vahoaka Miray tarihan'i Gaby Vakiniadiana, ny antoko TEZA notarihan'i Jean Louis Rakotoamboa, ny antoko Kintana tarihan'i Tabera Randriamanantsoa. Tsy nipotra kosa ny Filoha lefitry ny RMDM faritany Antananarivo, Alain Andriamiseza sy ry Me Hanitra Razafimanantsoa ary ry Fidele Razara Pierre.

**Tapitra hatreo ny "werawera"**

Ambonin'ireo dia nanana solontena teny Faravohitra ihany koa ny avy any amin' ny faritra rehetra ankoatra ny avy any Antsiranana, izay vao avy nihaona mivantana tamin'Ing. Marc Ravalomanana ny faran'ny herinandro teo. Etsy andanin' izany, nanambara ity Filohan'ny antoko TIM sady lehiben'ny mpanohitra eo anivon'ny RMDM ity nandritra ny fandraisam-pitenenany fa ny fampandrosoana tadiavina dia fampandrosoana miainga avy any amin'ny faritra. « *Mitaky ny firaisan-kina sy fiarahamiasa ny Malagasy rehetra tsy ankanavaka ny famonjena sy ny fanavotana ny firenena* », hoy ny teniny. Toy izao manaraka izao kosa ny fandraisam-pitenenan'i Tsarahame Edouard nisolotena ny mpanohitra tonga teny Faravohitra: "*tsy ho tafaverina amin'ny fitondrana intsony ny Filoha Andry Rajoelina. Tapitra hatreo ny weraweran'ny mpitondra sy ny maha mpanohitra ny RMDM. Hatolotray anao ry Marc Ravalomanana i Madagasikara. Manana traikefa ianao ary manaiky izahay fa afaka manarina ity firenena potiky ny tsy fahaiza-mitantana ity ianao* ».

**Mamy R.**

Loholona Andrianandrasana Haja

# "Afaka niatrika ny fahasarotana isika noho ny traikefan'ny mpitondra"

Nitondra ny fanehoankeviny manoloana ny toedraharaham-pirenena amin'izao fotoana izao ny loholona Andrianandrasana Haja Tahiana. Toy izao ny resaka nifanaovan'ny Gazetiko taminy:

**Gazetiko:** Miteraka fimenomenomana mila ho isanandro ny fidangan'ny vidimpiainana ary tsy vitsy ireo manondro anareo eo amin ny fitondrana ho tsy mahay mitantana ka mahatonga izany. Inona ny azonao ambara?

**Loholona:** Tsy hoe eo amin ny fitondrana izahay ka hanasoaso be fahatany na sanatria tsy mahita ny mahazo ny mpiray tanindrazana, fa kosa afaka miteny fa raha tsy nandray ireo fepetra ara-toekarena sy sosialy izay nampiharina hatramin'izay ny fanjakana dia tsy haiko izay nitranga. Na dia teo aza ny Covid-19 sy ny ady eo amin'i Okraina sy Rosia, nampitotongana an'ireo firenen-dehibe dia nahavita nanome ireo ilaina amin'ny fiainana andavanandro ny mpitondrantsika.



**Nanainga ny rehetra hifanohana ho tombontsoan'ny rehetra ihany koa ny loholona Andrianandrasana Haja Tahiana.**

Teo ny fanafarana PPN mialoha, fametrahana vidin' entana sy vidin-tsolika, fijerena ireo vidina herin' aratra araka ny sokajy aratsosialy, ireo fepetra araketra araka ny filan'ireo mpandraharaha,…Azo lazaina fa afaka niatrika ireo fahasarotana eo amin ny fahaizamanaon'ny mpitondrantsika. Ekena fa misy ny fahasahiranana ary izany no mbola hanohizatsika hatrany ny ezaka rehetra ka tsy hiraviraviantsika tànana fa miasa hatrany ho tombotsoan'ny vahoaka Malagasy sy ny firenetsika. Alao hery ry Malagasy havako, mino isika fa mendrika izany firenena mandroso izany ity Madagasikarantsika ity ka ndao halavirina ny korotana sy ny fankahalana fa hapanjakaintsika kosa ny fifankatiavana sy fifanohanana.

**Gazetiko:** Mahomby sy mahavaha olana ve ny governemanta misy, raha ny fahitanao azy ? Raha tsia, mety hiroso amin'ny fanovana ve ny filoham-pirenena?

**Loholona:** Niatrika zavatra maro ary nahavita niaro ny tombotsoam-pirenena sy ny malagasy amin ny sehatra maro ny fanjakana. Ekena fa manoloana ireo filana sy ny olana maro samy hafa dia misy ireo sehatra izay nilana hetsika betsaka kokoa manoloana ireo fahasarotana eo amin ny andavanandrom-piainana. Na izany aza dia hita sy tsapa ireo ezaka ataon'ny fitondram-panjakana izay mendri-piderana tokoa. Aza hadinoina fa na ireo firenena goavana manerana izao tontolo aza dia ahitana trangam-pahasahiranana hatramin'izao. Ankasitrahana ny mpitondrantsika amin'ireo ezaka maro isankarazany maro lafy.

**Gazetiko:** Tsy mitsahatra ny mivoy ny tokony hikitihana ny lalam-pifidianana ny mpanao politika ivelan'ny fitondrana. Amin'ny maha mpikambana ny fahefana mpanao lalana anao, laharam-pahamehana ve izany?

**Loholona:** Ny lalàna rehefa nampiharina ka hita fa tokony itondrana fanatsarana dia tsara raha asina fanovana. Na dia natao haharitra aza izy ireny dia azo atao tsara ny mitondra fanatsarana raha ilaina sy hita fa hitondra fitoniana bebe kokoa. Ohatra amin izany ny fandraisan'ireo havana sy namana tsy mbola very zo tanteraka eo amin ny lafiny maha olompirenena, ho fanajana ny zon'olombelona.

**Nangonin'i Mamy R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Marina izany !

### Mananontanona... !

**Lasa sahady iny ny herinandro voalohany amin'ny taona. Etsy andanin'izay, maro ny zavatra mananontanona amin'izao fiandohan'ny taona izao. Voalohany amin'izany, ohatra, ny fiforonan'ny rivodoza, eo koa ny fihanaky ny covid-19 vokatry ny fitomboan'ny tranga sy ny marary any Sina. Marina fa mbola misy covid eto amintsika hatramin'izao, saingy ambany dia ambany ny taha. Tsy latsa-danja noho ireo ny zavatra mananontanona eo amin'ny sehatry ny pôlitika. Ohatra amin'izany ny mety ho fanovana amin'ny ampahany ny mpikambana eo anivon'ny governemanta. Fa mahalasa eritreritra ankehitriny ny zava-nitranga farany vao omaly ny omaly tao Brésil. Nitrangana korontana mafy mantsy tao amin'ity firenena ity ny alahady teo. Nisy andian'olona maro nanao hetsika an-dalambe, izay niafara tamin'ny fanafihana sy fandrobana ny Lapan'ny Kongresy breziliana, toy izany koa ny Lapan'ny Fitsarana tampony, ary ny Lapan'ny Prezidansa. Samy nanameloka ity tranga ity ny firenena lehibe mandala ny demôkrasia. Fanohintohinana ny demôkrasia no nilazan'izy ireo azy satria tsy fanekena ny voka-pifidianana farany teo izay nahalany ny Filohan'ny Repoblika vao nanao ny fianianany herinandro lasa izao. Raha hitarina ny resaka, mananontanona maneran-tany ankehitriny ny fitsokan'ny rivotry ny fotokevitra bontolo, na koa mahery fihetsika. Io ilay antsoina hoe "extrêmisme", izay any amin'ny lafiny fivavahana sy pôlitika no tena ahitana azy. Raha tsiahivina dia efa nisy tranga mitovitovy amin'io koa tany Etazonia taorian'ny fahavitan'ny fifidianana filohan'ny Repoblika farany. Rehefa misy fifidianana no tena mitranga io fironana mankany amin'ny fotokevitra bontolo na koa mahery fihetsika io, izay mananontanona hatraty amintsika aty Madagasikara koa amin'izao ankatoky ny fifidianana izao. Efa misy sahady mantsy ny resaka mandeha na voizina etsy sy eroa. Ny zavatra mananontanona dia azo sorohina ary tsy voatery hitranga.**

Lucien Raharison

Fifampiarahabana teny Iavoloha

# Anjaran'ireo andrimpanjakana isan-tsokajiny omaly



**Ireo mpikamban'ny HCC niarahaba ny Filoha mivady teny Iavoloha.**

Taorian'ny governemanta ny alarobia lasa teo, dia anjaran'ireo andrimpanjakana sy sampandraharaha isan-tsokajiny eto amin'ny tany sy ny firenena no nanolotra ny firariantsoa tamin'ny Filoha Andry Rajoelina mivady teny amin'ny lapan' Iavoloha omaly. Isan'ny nanatanteraka izany ny teo anivon'ny Antenimierampirenena sy Antenimierandoholona. Tazana teny an-toerana ihany koa ireo mpikambana eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na HCC, ny teo anivon'ny CENI. Ankoatra azy ireo dia tonga nirary soa noho ny taona vaovao ho an'ny Filoha Andry Rajoelina mivady ihany koa ny avy amin'ny rafim-pitsarana isan-tokony toy ny Fitsarana Tampony, ny Fitsarana Avo. Ho an'ireo sampadraharaha samihafa dia isan'ny tonga teny Iavoloha niarahaba ny Raiamandrenin'ny firenena ny avy amin'ny Mediatora, ny tomponandraikitra ao amin'ny mariboninahim-pirenena, ny IGE… Amin'ny ankapobeny, saika firariantsoa mifototra amin'ny fanohizana ny asa sy ny fahavitan'ireo vina napetraka no natolotr'ireo mpikamban'ny andrimpanjakana sy ny tomponandraikitra isan-tsokajiny. Naverimberin'ny Filoha nandritra izany ny fisaorana sy ny firarian-tsoa ho an'ny isan-tokantrano. Namafisiny fa ho taonan'ny fandresena sy fihariana ny 2023. Ireo masoivoho vahiny sy sampandraharaha iraisam-pirenena miasa eto amintsika sisa handrasana hanatanteraka ny fiarahabana ny Filohampirenena. Marihina fa tao anatin'ny taona vitsivitsy izay, dia tsy nisy intsony ny lanonam-be nokarakaraina hifampiarahabana noho ny asaramanitra.

**JUDD**

Toetry ny andro

# Ahiana ny fiforonan'ny rivodoza amin'ny faran'ny herinandro

Misy tangoron-drahona miforona any amin'ny ilany atsinanan'ny Nosy. Omaly tamin'ny efatra ora, tany amin'ny 2500 km any atsinanana somary avaratra atsinanan'Antalaha no misy azy. Tombanan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro hivoatra miandalana izy io ary ahiana ny hivadihany ho rivodoza amin'ny faran'ny herinandro. Mbola arahimaso akaiky anefa ny fivoarany. Ankoatran'izay, misy rindrin-drahoana manamora fiforonana orambaratra any amin'ny tapany atsimon'ny Nosy. Mahazo filazana miloko maitso amin'izay mety ho habetsaky ny oram-pahavaratra eo anatrehan'izany ny eto afovoan-tany sy ny any atsimo atsinanana. Voakasik'izany filazana izany ny any Alaotra Mangoro, Analamanga, Arivonimamo ary Marolambo. Mahazo filazana miloko mavo amin'ny habetsaky ny rotsak'orana kosa Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Fandriana, Ambositra, Manandriana, Ambohimahasoa, Fianarantsoa, Ambalavao, Ivohibe, lakora ary Taolagnaro. Mila mitandrina ireo faritra sy distrika ireo amin'izay loza mety haterak'izany indrindra momba ny fiakaran'ny rano sy ny fihotsahan'ny tany izay mitarika fahavoazana betsaka raha tsy vonona. Entanin'ireo teknisianina eo anivon'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro mba hanaraka ny toromarika ireo sokajin'olona marefo sy tsy azo antoka ny toerana hipetrahana mba ho fisorohana.

**Nath**

BNGRC - Fitantanana krizy

# Hametraka foibem-pibaikona voalohany eto Madagasikara

Mivoatra ny fitantanana ny tandidin-doza sy ny loza. *"Hotokanana tsy ho ela ny fotodrafitrasa hametrahana ny "Centre opérationnel" eto amin'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes). Hoentina manafaingana sy manamora ny asa ny fametrahana ity rafitra ity. Azo tantanina ao daholo ny krizy rehetra toy ny tandindon-doza sy ny loza mandalo eto amin'ny firenena, eny fa na ara-tafika aza. Ny BNGRC no hanana ity rafitra ity voalohany eto Madagasikara."*, hoy Jly Elack Olivier Andriakaja, tale jeneralin'ny BNGRC. Ao anatin'ny fotoanan'ny fahabetsahan'ny rotsak'orana sy ny fandalovan'ny rivodoza tanteraka ny faritra manerana ny Nosy. Nilaza ny efa vonona ny eo anivon'ny BNGRC. Nanomboka tamin'ny faramparan'ny taona 2022 ny fiomanana nataony miaraka amin'ireo mpiara miombona antoka rehetra. Efa fantatra ireo toerana natokana handraisana ireo traboina raha misy ny loza. Tafiditra ao anatin'izany ny tranom-pokonolona sy ny fiangonana, ary rehefa tonga amin'ny tsy azo hanoharana vao hampiasana ireo efitrano sekoly. Efa mandeha ny fijerena ny maha olona ao anatin'ireo fotodrafitrasa ireo. Efa vonona avokoa ireo fitaovana sy tahirin-tsakafo hanaovana vonjy taitra. Efa tafiditra ao anatin'ny lalànan'ny fitantanambolampanjakana amin'ity taona ity koa ny tetibola 2 miliara Ariary nataokan'ny fanjakana hampiasaina ao anatin'ny Tahirim-bola fiandry loza, ary efa tafapetraka eo anivon'ny BNGRC ny sampandraharaha miandraikitra ny fitantanana ity Tahirimbola ity.

*Efa mipetrapetraka ny fiomanana amin'ny loza.*

**R. Muray**

Jirama

# Mitohy amin'ny toerana maro ny fahatapatapahan'ny herinaratra

Na mirotsaka ny orana na maina andro, misy foana fahatapatapahan'ny herinaratra eto Antananarivo sy ny manodidina. Omaly maraina, inefatra tapaka ny jiro teny Itaosy sy ny manodididina. Anisan'ny tena atahoran'ny maro ilay fahatapahana maromaro anatin'ny fotoana fohy. Manimba zavatra maro izany trangan-javatra izany kanefa ny jirama tsy manolo intsony tato ho ato. Eo anatrehan'izany rehetra izany, misafidy ny hanatsoaka ireo fitaovana lafo vidy ny mpanjifa mba hisorohana amin'izay mety ho olana. Teny Ambondrona ihany koa nahitana izany olana amin'ny fahapatapatahan-jiro fohy kanefa matetika izany. Ao anatin'ny fotoam-pahavaratra isika hoy ny Jirama ka misy ny tetikasa fanatsarana famatsiana herinaratra ataon'izy ireo amin'ny toerana maromaro toy ny PIA Antsirabe. Teo ihany koa ny fanoloana andrin-jiro potika na fanoloana cable may. Nolazainy fa misy fiantraikany amin'ny famatsian-drano noho ireo toby famokaran-drano sy ny foibe mpampiakatra ny tosika amin'ny miankina amin'ny herinaratra. Tamin'ny omaly, maromaro ireo toerana toerana nisy fahatapahan-jiro nahazo filazana teto amin'ny tambajotra iraisan'Antananarivo ka anisan'izany Tanjombato, Bevalala, Ankorondrano, Ivato, Soavimasoandro, Androndra, Soavina sy ny hafa.

**Nath**

Rivodoza, hain-trano, haintany

# Olona 675 274 traboina tao anatin'ny herintaona

Namela takaitra goavana ireo loza nandalo teto amin'ny firenena nandritra ny taona 2022. Araka ny tatitra ofisialy navoakan'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), dia nahatratra 675 274 ireo olona traboina. Olona 466 187 avy tamin'ny tokantrano 106 256 no traboina tamin'ny fandalovan'ireo rivodoza 6. Nisy maty 211 ary trano 48 306 simba sy trano 15 632 potika tanteraka. Olona 17 837 avy amin'ny tokantrano 4 282 no traboina tamin'ny fahamaizana trano, izay namoizana ain'olona 8. Olona 191 250 avy amin'ny tokantrano 38 250 tany amin'ny faritra Atsimo sy Atsimo Atsinanana no traboina vokatry ny haintany. Nanaovan'ny BNGRC hetsika fanampiana vonjy taitra avokoa ny ankamaroan'ireo tra-pahavoazana tamin'ny alalan'ny fanampiana nomen'ireo firenena sy mpiara-miombona antoka ara-bola sy ara-tekinika. Nahazo vary 895 taonina (T), voamaina 87 T, menaka 33 385 litatra (l), savony 489 baoritra, tafo trano fanitso 7 873 sy fitaovana an-dakozia ireo traboina 300 000 tamin'ny rivodoza. Nahazo vary 36, 5 T, voamaina 6, 2 T, menaka 3 233 l, ronono 2 921 boaty, ary fitaovana an-dakozia ireo traboina tamin'ny haintrano. Nahazo vary 533 T ireo traboina 38 250 tamin'ny haintany. Anisan'ny tafiditra ao anatin'ny lisitra navoakan'ny Unicef na Tahirim-bolan'ny firenena mikambana ho an'ny zaza fa nisy fampiasam-bola tsy mazava teo anelanelan'ny 2014 ka hatramin'ny 2019 ny BNGRC. *"Ny an'ny BNGRC no kely indrindra tamin'ny fampiasam-bola tsy mazava nolazain'ny Unicef. Matoky ny BNGRC ny tenako fa tsy nolaniany io vola fa ny taratasy fanamarinana ny fampiasambola natao no tsy ampy. Efa eo am-panangonana ny taratasy rehetra ny ekipa ato amin'ny BNGRC."*, hoy Jly Elack Olivier Andriakaja, tale jeneralin'ny BNGRC.

*Olona 356 087 nahazo fanampiana.*

**R. Muray**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny fivondronana dia fiandohana fotsiny ihany. Ny fijanonana miaraka no mampandroso hatrany. Fa ny tena fahombiazana dia ny fiaraha-miasa ihany.»

**Ny Vetso (13.03.14)**

(«Se réunir est un début, rester ensemble est un progrès, travailler ensemble est la réussite.» Henry Ford)

Mpirakidraharaha

# Manamafy ny fitakiana efa natao, hahazoana ny tombontsoany



**Amin'ny mpirakidraharaha rehefa omena azy ireo ny zo sy tombontsoany dia mandeha koa ny raharaharaham-pitsarana.**

Manoloana ny fanambaran'Atoa Minisitry ny fitsarana omaly fa hihemotra ny fotoana hanaovana fifaninanana handraisana mpirakidraharaha dia nilaza Atoa Randriamaro Alain Michel izay filohan'ny sendikàn'ny mpirakdidraharahara fa *" mitaky ny fitakiany hatramin'izay izahay ny amin'ny tokony hampiakarana ny laharana arak'asa amin'ireo mpirakidraharaha izay nahafeno ny fepetra araka ny mari-pahaizanana ananany. Ny poste budgétaire efa eo dia tsy misy olana aminay iny fa enga fotsiny anie ka mba tena mpirakidraharaha 200 ho raisina fa tsy sanatria hoe ECD na olon-kafa indray no ho voaray eo. Efa notakiana tao anatin'ny 10 taona hoe izahay manana diplaoma mba ho sokajiana ao amin'ilay toerana efa misy anareo satria tsy mbola nofoanana ny 2005-397 ary tsy misy antony tokony hanafoanana an'iny fa régime particulier-nay iny ary efa zo sitrahanay".* Miandrandra ny hizoran'ny fifaninanana handraisana mpirakidraharaha ao anatin'ny mangaraharaha izay mbola hatao ny sendikàn'ny mpirakidraharaha eto Madagasikara ary nanamafy fa tsy tokony hiova ny isan'ireo mpirakidraharaha ho raisina manaraka eo. Nohamafisin'ity filohan'ny sendikà ny mpirakidraharaha ity fa tsy nisy nidiran'ny fitakiana sy fitokonana nataon'izy ireo ny antony nampihemotra ny fifaninana handraisana mpirakidraharaha eto amintsika.

**Heriniaina A.**

Minisiteran'ny Fitsarana

# Hihemotra ny fifaninanana handraisana mpirakidraharaha

*"Hihemotra ny fifaninana handraisana mpirakidraharaha eto anivon'ny Minisiteran'ny fitsarana noho ny fandaminana ka hiova endrika ny fifaninanana ka hisy manerana ny Faritany fa tsy ho eto Antananarivo ihany no hisian'ny ivontoeram-panadinana amin'izany. Ambarako ampahibemaso ny poste budgétaire izay tokony nanaovana fandraisana mpiasa mikasika ny mpirakidraharaha izay nahemotra fa tsy foana akory izy iny fa nahemotra noho ny antony fandaminana. Raha tamin'ny telo taona lasa izay dia natao ivon-toerana tokana teto Antananarivo ny fifaninanana dia mahatsapa izahay fa tokony hasiana ivon-toeram-panadinana isaky ny Faritany izany. Tapaky ny conseil scientifique-n'ny école ka dia haparitaka amin'ny Faritany sy ny Renivohitry ny Faritra no hanaovana ny "concours" ka tsy maintsy hitombo ny vola ho laniana hanaovana an'izany fifaninanan izany"*, hoy ny Minisitra Rakotozafy François, Minisitry ny fitsarana omaly. Efa marobe ireo olona nanomana ny antontan-taratasy hiatrehana ny fifaninana hidirana ho mpirakidraharaha amin'ity taona 2023. Efa voafaritra amin'ny tetibolam-panjakana amin'ity taona ity ny fisian'ny tetibola handraisana ho mpiasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana ka tafiditra amin'izany ny fandraisana mpirakidraharaha sy mpitsara ary mpandraharahan'ny fonja. Tsiahivina fa efa telo taona lasa izay no nisiana fifaninanana nandraisana mpirakidraharaha farany.

**Heriniaina A.**